TIM Ambohimahasoa 2

## Nanome toromarika ny birao politika

Fitaterana 2

## Fiaran-dalamby vonjy maika


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Depiote Todisoa 3

## Hanome cours farado-boka ho an'ny mpanala BEPC sy Bacc


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 16 may 2023 Laharana 1435 Vidiny : 600 Ar


Fiainampirenena 3

# Miala Rajoelina kely sisa

# J – 116

Fampiasam-bola amin'ny fifidianana 7

# Nampiaka-peo ihany koa ny filohan'ny mpandraharahan'ny GEM




Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) 2

# Mila mifampihaino raha hanarina marina ny firenena



Coupe des Sélections Régionales U19, 2023 5

# Nahery Itasy nanoloana an'Atsimo Andrefana



Faritra Menabe 6

## Mbola ahitana aretina lefa-kozatra

Telma Shop 6

## Nisokatra ny toerana faha-76 eto Madagasikara

Daka kely



Hiongam-potsiny nareo fa tsy mila haongana zany ato ho ato ry Boaikely a !

FIFIDIANANA

# Nanome toromarika ny TIM Ambohimahasoa ny birao politika

Notanterahina ny alahady 14 mey teo ny fanofanana ireo mpitarika ny tanora, na ny Jeune TIM rehetra tao amin'ny distrikan'Ambohimahasoa faritra Matsiatra Ambony. Nisy ny fifanakalozan-kevitra niarahana tamin'ireo mpitarika zoky tamin'izany. Nifanentana ny rehetra momba ny resaka fifidianana: fanentanana ny mpiara-monina hiditra amin'ny lisi-pifidianana, ny fanaraha-maso izany lisitra izany ary miantso ny rehetra handray anjara rehefa tena tonga izany fifidianana izany, izay tokony ho tanterahana amin'ity taona. Efa samy milaza ny amin'ny ho fanatanterahana izany, na ny mpitondra, na ny CENI, n any mpanohitra toy ny antoko TIM. Ankoatra izany, niditra an-telefaonina mivantana nandritra io fotoana io ny avy amin'ny birao politika nasionaly dia ny sekretera jeneraly: Rina Randriamasinoro, sy mpandrindra nasionaly ny antoko: Jean Claude Rakotonirina. Mbola nanamafy izy ireo ny amin'ny fanentanana ny rehetra amin'ny fanaraha-maso ny lisi-pifidianana, sy ny fisoratana amin'izany, ho an'ireo mbola tsy nahatontosa izany satria mbola misy ny fotoana, hatramin'ny 31 mey izao.



*Ny hetsika ny TIM sy ny Tanora TIM, tany Ambohimahasoa.*

***Niaina***

Jeune KMMR Toliara

# Niofana momba ny fahaiza-mitarika sy ny politika

Nanao fanentanana sy fanazavana mikasika ny tsy fahatomombanan'ny lisi-pifidianana tao amin'ny distrikan'i Toliara II faritra Atsimo Andrefana, tany amin'ny kaominina Manombo Sud, fokontany Ambolomailake ny sabotsy 13 mey 2023 teo, tontolon'ny andro ireo mpiara-dia amin'ny filoha Marc Ravalomanana, notarihan'ny kolonely Rabe Jules, filohan'ny KMMR (Komity Manohana ny filoha Marc Ravalomanana), nahitana koa ny avy amin'ny tanora, na ny Jeune KMMR distrikan'i Toliara I, tarihan'Andriamatoa Martial. Nisy koa ny fiofanana momba ny fanaovana politika sy ny fahaiza-mitarika tamin'io fotoana io. Tena nandray anjara mavitrika tamin'izany fiofanana natao tamin'io fotoana izany ny tanora KMMR. Namaranana ny fotoana, nisy ny fizarana ny nofon-kena mitam-pihavanana: fiarahamisakafo sy fiarahana miala hetaheta, izay narahina lanonana isan-karazany tao amin'ny tora-pasika na ny plage tany an-toerana, nanamafisana ny firaisankinan'ireto tanora KMMR ireto.



*Ny mpitarika ny KMMR, sy ny Jeune KMMR Toliara.*

***Stefa***

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

Ilaina ny fiaraha-midinika eto amin'ity firenena ity, fa hahatsara zavatra izany, hahasoa ny firenena. Tsy an'olom-bitsy ity Madagasikara ity, fa firenena iombonana. Tsy vitan'olondrery ny fampandrosoana ny firenena, fa mandainga sy fanetriben'ny firenena izay olona milaza hahavita izany. Ny fifanakalozan-kevitra no mahatsara fifankahazoana sy mitarika ho amin'ny fiarahamientana hizorana amin' ny fampandrosoana ny firenena. Nanome ohatra mazava sy fahendrena ny amin'izany tany aloha ny Mpanjaka Andrianampoinimerina, na dia mpanjaka masi-mandidy tamin' ny tany sy ny fanjakana aza izy. Ao anaty fanjakana repoblikana isika ankehitriny, manana ny anjara toerana lehibe ao anatin'izany ny vahoaka, izay tompom-pahefana. Raha mpitondra minia mihodivitra miàla amin'ny tsy fihainoana azy, fa mihevi-tena hihevitra azy ho toy ny zaza ka baikobaikoina sy anaovana teny midina, dia mpitondra mitondra mankany amin'ny fahapotehan'ny firenena izany. Efa miha potika izao ny firenena noho ireo sehon-javatra maro samihafa midaroka sy mikaoka azy andro aman' alina. Santionany iray monja amin'izany ny loza mihàtra amin'ny tanora malagasy amin'ny resaka zava-mahadomelina lasa resabe tato ho ato. Voatampin'ny mpitondra maso izay olom-pirenena mbola milaza, fa mihatsara ny fiainan'ny firenena, ary olona minia mikimpy amin'ny fahoriana manjo ny mpiray tanindrazana ny olona sahy milaza fa misy fandrosoana ny firenena.



*Ny filohan'ny AFK, Ricky Andriamparany.*

Fotoana tena ilàna fifampiresahana sy fifampidinihana amin'izay hahasoa ny firenena izao vanimpotoana izao. Izay indrindra no antony mahatonga ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), izay tsy fiangonana ary tsy manao politika, mifofotra mafy manao hetsika ho amin'ny vahaolana hanalàna ny firenena ao anaty fahantrana lalina izao. Efa eo am-pelatanany rahateo ny lalan-kizorana sy fomba hahatratrarana izany. Ny ezaka efa nataony dia ny nanatona ireo tompon-andraikitra samihafa isan-tsokajiny tamin'ny sehatra samihafa misy eto amin'ny firenena, na anaty fanjakana na ivelany, nanazava ny tanjony. Miandry ny fijoroan' ny olom-pirenena sy ny fandraisany andraikitra ihany koa hiara-hientana aminy ao amin'izany ezaka ataony izany. Tsy ekena intsony ny mbola hahapotika kokoa ny firenena mihoatra an'izao iainana izao. Fifandraisana 0341746053.

***Aris***

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fitaterana

# Fiaran-dalamby vonjy maika

Fantatra tato ho ato, fa hiverina hisokatra amin'ny voalohan'ny volana jona izao, ny fitaterana an-dalamby mampitohy an'i Moramanga sy Toamasina, "train de voyageur" sahanin'ny orinasa Mada-rail, mba ho fampivoarana ny fizahantany sy ny fampandrosoana ny toekarena, raha ny vaovao voaray. Tsorina anefa fa efa tamin'ny fotoana nitondran' ny filoha Marc Ravalomanana, no efa nisy dinik'asa momba izany, hanohizana ny fitaterana an-dalamby mampitohy an'Antananarivo sy Antsirabe: TA, Antananarivo-Moramanga- Toamasina: TCE, fianarantsoa- Manakara: FCE, ary Moramanga sy Lac Alaotra: MLA, saingy simba tanteraka izany noho ny politika, noho ny fanonganam-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina tamin'ny taona 2009. Efa nisy lohamasinina 4 tonga tany Toamasina tamin'izany fotoana izany, ary efa natsaraina ireo gara samihafa, nefa dia simba sy lasa haolo taty aoriana, feno bozaka sy fako, ary lasa toeram-pivarotan'ireo mahitahita ara-politika. Nisy ireo nilaza fa ampahany amin'ny TCE /Antananarivo-Toamasina ny làlana, ka tokony ho MCE, na M.T (Moramanga-côte-est na Moramanga Toamasina ), tao koa ireo nilaza fa FCE/Fianarantsoa sy TCE no avotra, voavonjy haingana, nefa ny mankany Antsirabe koa no tokony ho jerena akaiky, mba hanatsarana ihany koa izay lafiny fizahan, sy mba ho fifaninanana amin'ny fitaterana amin'ny fiarakodia, izay potika tsy mety vita ankehitriny ny lalampiorenena faha-7 (RN7). Tsara ny hiverenan'ny fitaterana an-dalamby izay, ary tokony hiverina hisokatra avokoa ireo rehetra nisy, ary tsy ho vonjy tavanandro fotsiny izany fa haharitra, tsy toy ny zavatra hafa nataon'izao fitondrana Rajoelina izao, be ny nampanantenaina nefa tsy tanteraka amin'izay lafiny fitaterana izay: fly over, bus 1000 ho tonga tamin'ny faran'ny taona teo, teleferika izay tsy ho fantatra ihany koa na ho vita na tsy ho vita, satria an-taonany vitsivitsy ny fanaovana izany ary maro ireo tsy mankasitraka ny handalovan'izany amin'ny taniny, toy ny avy amin'ny fiangonana katolika eto an-dre,nivohitra, sy ny maro hafa,...

***Beharo***

Ny Valosoa sy hadihady

# Miala Rajoelina Kely sisa. J-116

Miha-manatona ihany ny andro tokony hialan'ny filoha Andry Rajoelina eo amin'ny fitondrana, efa ela no nanomboka ny fanisana miverina, na ny compte à rebours, raha ny fanisana dia 116 andro sisa (J – 116) manomboka androany talata 16 mey no tokony hametra-pialana ity filohampirenena mpandainga sy mpampijaly vahoaka ary mpampahantra firenena ity. Andanin'izany, mihazakazaka mafy tsy azo tohaina ny andro ary te-hanaraka izany ny mpitondra ankehitriny eo amin'ny fanatanterahana ireo velirano na ny tetikasan'ny fiadidiana ny Repoblika, izay tsy azo eritreretina ny fahavitany, satria misy ny tsy mbola nanomboka ary eo koa ny tsy mety vita na vita ihany fa mirodana. Tsy hay mihitsy mantsy ny manakana ny velirano sy ny tetikasan'ny fiadidiana ny Repoblika. Efa telo taona lasa no nanaovan-dRajoelina Andry velirano tany Atsimo namitàna ny Làlam-pirenena faha-13, ka raha tsy vita dia tsy hanao politika intsony izy. Vao omaly no nanambara ny tao amin'ny fiadidiana ny Repoblika, fa tsy maintsy vitaina ao anatin'ny 15 volana ny 113 kilometatra halavan'ity Làlam-pirenena ity. Ka afaka dimy ambinifolo volana izany vao tsy hanao politika intsony Rajoelina Andry, satria mbola manantena ny ho lany indray amin'ny fifidianana Filoham-pirenena amin'ity taona ity. Manamafy ny fitondrana, fa tsy maintsy hatao ny « télépherique » ary tsy hiova ny làlan-kizorany na dia mandà ny hametrahana « pylône » eo an-tokotanim-pianarana aza ny ray aman-dreny sy ny mpampianatra ary ny mpianatra ao amin'ny Sekoly Katolika eny Analamahitsy. Samy mametram-panontaniana ny hery velona rehetra eto amin'ny Firenena momba ny mety na tsy mety hisian'ny fifidianana. Ny mampisalasala dia ny tsy fisian'ny vola hanatanterahana izany, an-daniny, ary ny tsy mbola namoahan'ny mpanatanteraka ny didim-panjakana manamafy na manova ny tetiandro natolotry ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI). Tsy mety mandrotsaka vola ho fanampiana amin'ny fanatanterahana ny fifidianana koa ny mpiara-miombonantoka ara-teknika sy ara-bola avy any ivelany, noho ny fitantanana tsy ara-dalàna ireo fanampiana tamin'ny valanaretina covid-19. Mitaky ny hanovàna ny Lalàna mifehy ny fifidianana ihany koa sy ny hanoloana ny mpikambana ao amin'ny Ceni sy ny Hcc ny maro. Nanamafy anefa ny depiote IRD ao amin'ny boriboritany faha-5 eto an-drenivohitra, fa nety io lalàna io tamin'ny 2018, ka tsy hita izay hanovàna azy. Manizingizina ny tokony hanaovana ny fikaonandoham-pirenena ny antoko politika sasany hifandresen-dahatra momba ny Lalàna mifehy ny Fifidianana, sy ny fitsipi-dalao mba ho eken'ny rehetra ny voka-pifidianana hivoaka. Mandroso sosokevitra ny hametrahana tetezamita ihany koa ny antoko politika sasany, satria heverin'izy ireo fa tsy azo ekena raha izao fitondrana izao no hanomana ny fifidianana miaraka amin'ireo rafitra misahana izany. Toa fanomanana hala-bato sy hosoka amin'ny fifidianana ny nihazakazahana nanaovana "jugement supplétif" sy ny nizarana karapanondrompirenena faobe ary ny famoronana fokontany amanjatony. Nanambara ihany koa ny minisitry ny Serasera sy Kolontsaina, fa tsy mbola tara ny famoahana ny Didim-panjakana miantso ny mpifidy handatsa-bato. Na izany na tsy izany dia tsy sahy tena manamafy ny fitondrana, fa tsy maintsy hisy ny fifidianana amin'ity taona ity na dia efa manao fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana etsy sy eroa aza ry zareo. Ny mpanohitra kosa dia sakanana tsy hamory vahoaka na ny mpikambana ao amin'ny antokony kanefa malalaka, hono, ny fanehoan-kevitra eto amin'ny Firenena. Niaraha-nahita sy naheno anefa ny fanambaran'ny solontena maharitry ny Vondrona Eropeana, izay nanakiana mafy ny mpitondra noho ny tsy fisian'ny fahalalahana demokratika kanefa anisan'ny nanao sonia ny Fifanarahana iraisam-pirenena momba izany i Madagasikara. Raha ireo rehetra ireo no jerena dia tsy milamina ny raharaha politika, tsy mifampatoky intsony ny mpiray Firenena sy ny mpiray antoko ary ny samy ao amin'ny fitondrana. Ny azo antoka dia 116 andro sisa (J – 116) araka ny efa voalaza teo no tavela ipetrahan-dRajoelina Andry eo amin'ny toeran'ny maha filohan'ny Repoblika azy. Tsy hisy tetikasan'ny fiadidiana ny Repoblika sy velirano ary fampanantenana ho tanteraka intsony ao anatin'izany fepotoana izany. Tsy ho voalamin-dRajoelina Andry intsony koa ny disadisa misy eo aminy sy ireo olom-boafidy na olom-boatendry IRD, ka na dia hangala-bato sy hiketrika teti-dratsy hanodinkodinana ny safidim-bahoaka aza izy dia azo antoka fa hifarana ny nofy ratsy iainan'ny Malagasy ary hivalona ho tantara sisa ny fisiany teo amin'ny fiainana ara-politika teto amin'ny Nosy, mihoatra ny 75% ny rijiky hahatanteraka izany fialany tsy ho eo amin'ny fitondrana intsony izany.

***Andry Tsiavalona***

Depiote Todisoa

# Hanome cours faradoboka ho an'ny mpanala BEPC sy Bacc



*Ny depiote Todisoa Andriamampandry.*

Hanome cours faradoboka maimaimpoana ho an'ny mpanala fanadinam-panjakana BEPC sy Bacc (toutes séries), ny depiote voafidy tamin'ny anaran'ny antoko TIM tao amin'ny Boriboritany faha-6, Todisoa Andriamampandry, amin'ny fiafaran'ny taom-pianarana 20222 sy 2023 izao. Hisy koa amin'izany fanomesza ny polycôpes maimaimpoana momba ireo taranja samy hafa amin'ireo fanadinana ireo, ho an'ireo tanora mpianatra.

Ho an'ireo mpianatra rehetra tsy ankanavaka monina ao Ambohimanarina sy ny manodidina, no anaovany izao hetsika ara-panabeazana izao, ho an'ireo manomana ny fanadinanam-panjakana BEPC sy BACC. Nambaran'ny depiote Todisoa fa mpampianatra matihanina no hanatanteraka ny faradoboka, izay hatao ao amin'ny ICM Antsararay Ambohimanarina, hanomboka amin'ny 03 jona 2023 ho avy izao amin'ny 7 ora maraina. Ny fisoratana anarana amin'izany dia efa misokatra ao amin'ny sekoly ICM Antsararay Ambohimanarina, na afaka miantsoa ny 0343959600, na 0344416469, na 0346444980.

***Isambilo***

JEUNE TIM AMBOHIMANARINA

# Nanentana amin'ny fanaraha-maso ny lisi-pifidianana koa

Nanentana ny mponina ao amin'ny Boriboritany faha-6 sendra azy ireo, hisoratra anarana ami n'ny lisi-pifidianana ary hanara-maso izany lisi-pifidianana izany, ny tanora, na ny Jeunes TIM Ambohimanarina. Asa fa tsy Kabary ny azy ireo tamin'ny fanatanterahana fidinana ifotony, nanentana ny mponina hisoratra anarana ao amin'ny lisi-pifidianana. Nitarika izany i Lalaina Rabezanahary sy ireo mpiara-miasa aminy. Notetezin'izy ireo tamin' izany ny tao amin'ny Fokontany Ambatolampy, Fokontany Avaratanana, ary ny Fokontany Andranomena ny sabotsy 13 mey teo. Nanotrona izany ny Distim Boriboritany faha-6, ny mpanolotsaina ao amin'ny kaominina avy amin'ny antoko TIM, ary ireo mpikatroka TIM teny an-toerana. Mitohy hatrany ny asa, tsy ho ela ny hanatanterahana ny any amin'ny Fokontany hafa hoy ihany ny filohan'ny Jeune TIM Ambohimanarina Lalaina Rabezanahary.



*Ny Jeune TIM Ambohimanarina, nanentana momba ny resaka fifidianana sy lisi-pifidianana.*

***Stefa***

TONONKALO

## Ny fampianarana sy ny politika

Na ny antoko na ny loko na ny resa-politika
Dia tsy tokony hanan-toerana amin'ny seha-panabeazana,
Saingy raha ny tranga misy sy miseho eto amintsika,
Dia tsy izany velively ka mampiaiky ireo mpitazana !

Fa mandeha ny teritery sy ny tsindry isan-karazany
Izay mahazo ireo mpampianatra sy ny mpiasam-panjakana.
Raha handalo ny filoha dia tena atao tsy maintsy tazany
Hoe nivadika ho laoranjy ve ny loko eto an-tanàna ?

Eny , hatramin'ny lazaadina amin'ny fanadinana aza
No efa amboarina mihitsy , ka ny tena ifotorana :
Tsy ny hanao izay hahahendry sy hampahay iretsy zaza,
Fa ny hananany fisainana tia manompo fozaorana !

Izany ilay manara-penitra efa lasa atao tsianjery,
Politika no aiditra amin'ny seha-pampianarana.
Very ianao ry firenena, tena very , tena very,
Noho ireo hagegena maro izay toa lasa fahazarana !

... Fa ny resa-politika no hita ho mibahan-toerana,
Amin'ny seha-pampianarana , na ny ambony na ny ambany,
Ka tsy hisy zava-banona ary ilana fiheverana,
Fa aiza ianao « mpitsara ambony » no minia mikimpy hatrany ?

***TSIMIMALO (13-05-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Navalona

Ny avy amin'ny TIM Talatamaty distrikan'Ambohidratrimo, nanohy ny fanentanana ny olona hiditra amin'ny lisi-pifidianana, ny faran'ny herinandro teo.









Ireo avy amin'ny Jeune TIM Ambohimahasoa faritra Matsiatra Ambony, nanatanteraka fiofanana momba ny fahaiza-mitarika, sy ny resaka politika ary ny fanentanana amin'ny fifidianana.










## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Tsy misy intsony na Jiosy na Grika, na andevo na tsy andevo, na lahy sy vavy; fa iray ihany hianareo rehetra ao amin'i Kristy Jesosy."*

***Galatiana 3:28***

### BASKET. ANKOAY 3X3 LEHILAHY

# Nahazo fanampitaovana tamin'ny Telma ihany koa

Nahazo fanampitaovana tamin'ny Telma ihany koa ny Ankoay lehilahy 3 x 3 eo amin'ny basket-ball ny herinandro lasa teo. Lanonam-panolorana natao tao amin'ny amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena sy ny kolontsaina Mahamasina. Nahazo fampitaovana sy fanamiana ofisialy, fitondra milalao ho azy ireo ny Telma Madagascar. Nahazo izany koa ireo mpilalao Ankoay 3x3 lehilahy », izay handeha hiatrika ny "Fiba 3x3 World Cup 2023" hatao any Autriche amin'ny 30 mey ka hatramin'ny 4 jona 2023 ho avy izao, rehefa nahazo fampitaovana tamin'ny ekipan'ny Amb' Hoops nialohan'izany. Izany rehetra izany dia natrehin'ireo mpikambana avy eo anivon'ny FMBB "Fédération Malagasy de Basket Ball" avokoa. Marihana fa afaka andro vitsy no hanainga hihazo an'i Serbie ny Ankoay 3x3 lehilahy, hanao fanazaran-tena mialohan'ny hiatrehana an'ity «Mondial 3x3 » hatao any Autriche ity.



*Ankoay 3x3 lehilahy nahazo fampitaovana. tamin'ny Telma.*

**Rainilita**

### Rallye Motul andiany faha-4

# Norombahin'i Fréderic sy Mick nitondra Subaru



*Rallye Motul 2023.*

Tontosa tamin'ny antsakany sy andavany, tamin'ny faran'ny herinandro teo (zoma, sabotsy ary alahady 14 mey 2023), ny fifaninanana fanamoriana fiarakodia Rallye Motul andiany faha-4, nokarakarain'ny klioba Fmmsam, dingana voalohany amin'ny fiadiana ny ho tompondakam-pirenena amin'ity taranja ity taona 2023. Tamin'ny ankapobeny dia nanjakan'ny klioba Asacm, izay nitana ny laharana 3 voalohany ity fifaninanana ity, samy nitondra ny fiara Subaru avokoa. Tompondakan'ny dingana voalohany amin'ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2023 Rabekoto Fréderic sy Ratrimoarinosy Mick, nahavita ny fe-potoana 1 ora 20 min 04, 4 sec, narahan'i Mathieu (Zaza maditra) sy Andry 28, 6 s monja taty aorianan'izy ireo (1ora 20 min 33sec) ary fahatelo i Kiady sy Fanja nahavita 1 ora 21 mn 19, 8 sec. Nitana ny laharana faha-4 kosa Razafinjoelina Tahina sy Raben Rojo ary laharana faha-5 Rabetafika Daniel sy Rahamefy Johan. Teo amin'ny sokajy SSV kosa dia Yann sy Willy nitana ny laharana voalohany narahin'i Jacques sy Sylvie.

**Rainilita**

### Coupe des Sélections Régionales U19, 2023 »

# Nahery Itasy nanoloana an'Atsimo Andrefana

Azo ambara fa nahery ny tanora mpilalao baolina kitra sokajy U19 avy any Itasy, nanoloana ny mpamaraky avy any Atsimo Andrefana, satria dia lavon-dry zareo tamin'isa somary navesabesatra 4-0 ity farany teo amin'ny lalao famaranana ny fifaninanana « Coupe des Sélections Régionales U19, 2023 » tamin'ny alahady 14 mey 2023 teo, teny amin'ny kianja « Elgeco Plus Stadium By-Pass », izay nisongadina tamin'ny tsy nanatrehan' ny filohan'ny ligin'Analamanga, izay toerana voafidy hanatanterahana sy handray an'ity lalao famaranana ity. Ity olona ity ihany koa dia sady filoha am-perinasan'ny CFEM mpikaraka ny ho tompondakan'i Madagasikara amin'ny baolina kitra. Ankoatra ny amboara lehibe tsara tarehy sy ny medaly volamena dia mbola norombahin'ity ekipan'Itasy ity ihany koa ny taratasimbola mitentina 20 tapitrisa Ar natolotry ny FMF tamin'ilay fifaninanana. Marihana fa natao indrindra hifantenana an'ireo tanora handrafitra ny Barea U20 ho avy ity fifaninanana ity, ka anisan'ireo notolorana lelavola ihany koa ireo mpilalao voafidy isam-paritra handrafitra an'izany ekipa izany. Teo am-pialantsasatra dia efa nitarika 3-0 ny ekipan' Itasy ary dia niaro an'izany ny isa azony izany fotsiny sisa nataon'izy ireo tamin' ny fizaram-potoana faharoa, nefa dia mbola nanararaotra ny "domination sterile" nahazo ny ekipan'Atsimo Andrefana tamin'ny fibodoana ny tanin'Itasy hatramin'ny fiafaran'ny lalao. Vokatra farany : « Vainqueur » : Itasy nahazo 20 tapitrisa Ar, « 2è place » : Atsimo Andrefana nahazo 10 tapitrisa Ar, « Meilleur entraîneur » : Mpanazatran' Itasy, « Meilleur Buteur » : Tovonay Fabrice Atsimo Andrefana : 9 buts nahazo 500.000 Ar, « Meilleur Joueur » : Rahanjason Mahantsa Itasy nahazo 500.000 Ar, « Meilleur gardien de but » : Ratsimbaharison Tsihorinantenaina –Itasy nahazo 500.000 Ar.



*Ekipa U19 avy any Itasy.*

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Beignet-na nofon'akoho indray, no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina: atody, lafarina, blanc-na akoho na nofon'akoho, tongolo gasy, voatabia, sira, menaka. Masahana aloha ny nofon'akoho, rehefa izany dia fonosina amin'ny lafarina sy atody nokapohina sy noharoharoina. Endasina avy eo. Rehefa vita dia ravahana voatabia nodidiana boribory. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny voana voatavo na tsirebika na citrouille

Ny soa azo avy amin'ny voana voatavo na tsirebika na citrouille indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny tombontsoa amin'ny fihinanana azy :

-Miaro amin'ny fahanteran'ny sela.
- Miady sy miaro amin'ny aretina cancer na homamiadana.
- Mahasalama ny prostate sy ny tatavia, miaro amin'ny aretin'ny prostate , tsara ho an'ny olona marary prostate.
- Be magnesium, tsara ho an'ny olona tsy ampy magnesium.
- Tsara ho an'ny fo sy ny lalan-drà.
- Mandamina ny tahana siramamy, tsara ho an'ny diabetika.
- Be fibre.
- Manampy ny famokarana sperme na tsirinaina lahy, sy manatsara ny kalitaony.
- Manampy ami'ny torimaso.
- Be proteina.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Anjahambe distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Anjahambe distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Anjahambe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 10 mandrafitra ny distrikan'i Vavatenina. Any atsimon'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Mbola tsy dia avo toerana izy, satria 176 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny jirofo, ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga. Ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga, ny soanambo, ny ampalibe.



FOIRE INTERNATIONALE MADAGASIKARA ANDIANY FAHA-17

# Nanome vahana ny mpandraharaha tanora hiroso amin'ny sehatry ny varotra

Tanora mpandraharaha miisa 50 mahery, no nandray anjara tamin'ny tranoevan'ny « Foire Fim » tetsy amin'ny « Hazovato Forello » Tanjombato, nanomboka ny alakamisy, ka hatramin'ny faran'ny herinandro teo. Sehatra iray nahafahan'ireto tanora mpandraharaha nivelatra teo amin'ny tontolo ara-barotra, sy ny sehatry ny fandraharahana ity « Foire » ity, satria nomen'ny mpikarakara lanja ireo tetik'asa misehatra amin'ny tontolo iainana, no sady tsy nampadoavina ny saran'ny tranoeva ireto farany. Tombony ho an'ny mpandraharaha tanora ny fiatrehana an'ireo « Conference » momba ny « Economie circulaire », izay nampahafantatra ny fomba ahazoan'ny orin'asa tombony amin'ny dingana lalovana rehefa manao fandraharahana amin'ny sehatra rehetra. Ankoatran'ny fanomezana tosika an'ireo orinasa misehatra amin'ny fikajiana ny tontolo iainana « Espace Eco-responsabilité » dia nomen' ny « Hazo vato Forello » vahana nandritra ny « Foire Fim » ihany koa ireo vehivavy mpandraharaha, mba hahafahan' ireto farany nampahafantatra bebe kokoa ny vokatra sy ny fahaiza-manao. Nanamarika an'ity hetsika ara-barotra tetsy Tanjombato ity ny fanatanterahana ny « Journée Professionnelle » natokana ho an'ny mpandraharaha matihanina amin'ny alalan'ny « Rencontre d'affaire » ; « Forum Conference » ; atrik'asa ; fifampizarana traikefa ; fifanakalozan-kevitra ;... ka ny fampiroboroboana ny fifandraisana ara-barotra, mba ahafahan'ireto farany miatrika ny Krizy aratoekarena no tanjona. Nampiavaka ny « Fim » andiany faha-17 ilay andro natokana ho an'ny daholobe, nahitana mpitsidika sy manam-pahefana betsaka ary afa-po nandritra ny fampahafantarana an'ireo tolotra sy asa ataon'ireo tranoeva ireto farany.Tsiahivina fa miisa 400 ireo tranoeva nandritra ny « Fim », nahitana ny fandraisana anjara nataon'ireo orinasa lehibe, ireo orinasa « Start Up » ; ireo orinasa madinika sy salantsalany, ireo orin'asa mpanao asa tanàna…

***Franck Razakambelo***



*Ny FIM andiany faha-17 teny Tanjombato.*

Young African Leaders Awards

# Nibata ny laharana valohany i Ranitratsilo Jimmy

Nibata ny laharana valohany ilay teratany Malagasy, Ranitratsilo Jimmy, teo amin'ny fifaninanana tanora mpitarika mendrika indrindra manerana an'i Afrika ny taona 2023, na ny "Young African Leaders Awards" sokajy "Kwame Nkrumah's Visionary Leadership Awards", ka nitondra an'i Madagasikara ho laharana voalohany ihany koa teo amin'izany fifaninanana izany. Nahazo ny "Médaille d'honneur na Ordre de Mérite" ihany koa ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena Malagasy tamin'ny alalan' ny Minisitra Resampa André. " Mahavita zavatra ny tanora Malagasy ary mendrika ny mibanjina fiainana tsaratsara kokoa ao anatin'ny fo, saina fanahy ary asa sazaha", hoy Ranitratsilo Jimmy, nandritra ny lahateniny nataony tamin'ny fandraisana ny loka tamin'ity fifaninanana ity.

***Rainilita***



*Ranitratsilo Jimmy (ankavia).*

Faritra Menabe

# Mbola ahitana aretina lefa-kozatra

Nosokafana omaly ny hetsika ho fanaovana vaksiny iadiana amin'ny aretina lefa-kozatra, na polio ho an'ny faritra Menabe, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny faha-19 mey izao; izay ezahana ny hahavita vaksiny ny zaza rehetra vao teraka, ka hatramin'ny faha-5 taona. Tao amin'ny kaominina ambanivohitr'i Bemanonga moa no nanokafana izany ho an'ny faritra Menabe, izay notronon'ireo solontenam-panjakana aty an-toerana, sy ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny minisiteran'ny fahasalamana. Raha ny faritra Menabe no resahina dia mbola tsy foana ny aretina polio, fa vao tsy ela no nahitana tranga ka fantatra fa 5 no tranga misy ato amin'ny faritra Menabe, izany dia noho ny mbola fisian'ny fangerena an-kalamanjana ato amin'ny faritra ary eo koa ny tsy fahazotoan'ny ray aman-dreny manao vaksiny noho ny fahasahiranana ; nefa dia isan'ireo areti-mifindra tsy ahitana fanafany ny aretina polio ary mahafaty. Koa entanina ny rehetra samy handray ny andraikiny hoy ny talem-paritry ny fahasalamana ato Menabe ary ho hentitra ny fanentanana sy fanarahamaso hoy izy, izay atomboka amin'ireo trano fisotroana, satria tsapa hoy hatrany ny talem-paritry ny fahasalamana ato Menabe, fa hita ny hamaroan'ireo trano fisotroana ato Menabe, izay tsy manana toeram-pivoahana, hany ka miteraka ny fiparitahan'ny loto satria dia eny amin'ny manodidina ireo toeram-pisotroana dia ahitana loto hatrany indrindra rehefa maraina, ka izay no hanombohana ny fanentanana sy fanaraha-maso amin'izy ireny ary tsy hijanona hatreo, fa hiitatra hatrany ambanivohitra izany, izay hanatanterahana amin'ireo distrika 5 mandrafitra ny faritra Menabe . Isan'ny mbola olana ho an'ny faritra Menabe ny kolontsaina tsy fanaovana trano fivoahana ; ao ireo milaza fa fady manajary tay ( izany hoe: tsy ny maloto no hanaovana trano ) ; eo koa ny toe-tsaina izay mbola zatra mangery an-kalamanjana na lehibe na kely, ka saika manerana ireo distrika 5 ato Menabe. Azo lazaina fa mbola ho sarotra ny ady amin' ity aretina polio ity ato Menabe, koa miantso ireo mpiara-miombonantoka ny talem-paritry ny fahasalamana ato Menabe ny mba hanampy sy hanohana ny faritra Menabe amin'ny ady amin'ny fangerena an-kalamanjana .

***Rajepa***



*Ny fanaovam-baksinin'ny polio tany Menabe.*

Telma Shop

# Nisokatra ny toerana faha-76 eto Madagasikara

Nisokatra omaly alatsinainy 15 mey 2023 ny toerana Telma Shop faha-76 eto Madagasikara ary faha- faha-31 eto Antananarivo, izay ahitana ny tolotra rehetra fanomen'ity orinasa ity ny mpanjifa amin'ny ankapobeny, toy ny fivarotana finday sy "Puce" miaraka aminy, fivarotana fahana sy M-Vola, fivarotana M'Balik, izay misokatra manomboka amin'ny alatsinainy, ka hatramin'ny andro alahady tsy misy fiatoany, ka ny andavanandro hatramin'ny sabotsy dia manomboka amin'ny 9 ora maraina, ka hatramin'ny 8 ora alina izany fisokafana izany ary ny alahady koa dia amin'ny 9 ora maraina ka hatramin'ny 5 ora hariva. Eny Anosivavaka Ambohimanarina ao amin'ny "Immeuble Dyve Garden", no misy an'ity Tema Shop vaovao ity, nambaran'Andriamatoa Ramahefarison Hajanirina "Team Leader SenTana/Réf Région Telma" tamin'ny fitafatafana fohy tamin'ny mpanao gazety teny an-toerana tamin'io fotoam-panokafana io fa : "io ora fivoahan-dry zareo io no tena mampiavaka an'ity toerana ity amin'ny ankapobeny ary koa ny fahazoana mamaha ny olana rehetra mety mahazo ny mpanjifa amin'ny ankapobeny".

***Rainilita***



*Telma Shop vaovao eny Anosivavaka Antananarivo.*

Coupe du Monde Fiba 3 x 3 Vienne Autriche 2023

# Nanainga teny Ivato ny alahady teo ny Ankoay 3x3





*Ankoay 3x3 nanainga teny Ivato.*

Tamin'ny alahady 14 mey 2023 tolakandro, no nanainga teny amin'ny seranam-piaramadina iraisam-pirenena teny Ivato, ny Ekipam-pirenena malagasy Ankoay 3x3 basketball, hihazo an ' i Serbie, hiatrika fanomanan-tena mandritra ny 15 andro mialoha ny hiatrehany ny Fiadiana ny amboara eran-tany amin'ny Basketball 3x3, izay hatao any Vienne Autriche, hanomboka amin'ny 30 mey ka hatramin'ny 4 jona 2023 ho avy izao. Tonga nanotrona ny fiaingan'ny Ankoay teny Ivato ny avy eo anivon'ny Federasiona Malagasy Basket-ball, nahitana ireo mpikambana eo anivon'ny FMBB niaraka tamin'ny Tale Teknika Nasionaly, Ny Filohan'ny CEBB, ny Filohan' ny Ligim-paritra Androy.

***Rainilita***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**13/05/2023 hatramin'ny 20/05/2023**

- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55
- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1435-05-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FAMPIASAM-BOLA AMIN'NY FIFIDIANANA**

## Nampiaka-peo ihany koa ny filohan'ny mpandraharahan'ny GEM

Nampiaka-peo ny filohan'ny GEM, Thierry Rajaona, filohan'ny vondron'ireo mpandraharaha eto Madagasikara, mahakasika ny fifidianana ho tanterahana eto amintsika amin'ity taona ity. Mitaky ny mangarahara amin'ny fampiasam-bola mandritra ny fifidianana ny GEM na ny Groupement des Entreprises de Madagascar. Misy mpanambola mamatsy kandida mandritra ny fampielezan-kevitra, rehefa lany amin'izay ilay kandida dia mitaky famerenam-bola ilay mpamatsy, ka misy fomba marobe hamerenana azy. Isan'izany ny fanomezana : marchés sy appels d'offres, na ireny tsenambaro-panjakana ireny. Tsy manakana mihitsy izahay hoy ny GEM raha misy orinasa hanohana kandida, fa hataovy anaty mangarahara. Tokony havoaka ihany koa ny didy fampiharana ny lalàna mifehy ny fampiasam-bola amin'ny fifidianana filoham-pirenena hoy ity ity filohan'ny vondron'ny mpandraharaha ity. Nosoritany ihany koa fa : « Isika no firenena mahantra indrindra faha-4 erantany, nefa champions du monde ny kandidà amin'ny fandaniam-bola rehefa fampielezan-kevitra, mihoatra noho ny any Frantsa sy Etazonia rehefa fifidianana. »



*Ny filohan'ny GEM, Thierry Rajaona.*

**Aly**

Foara iraisam-pirenena

## Fahombiazana ny FIM natao ny herinandro lasa teo

Azo lazaina ho fahombiazana ny FIM, na ny Foara Iraisam-pirenena Madagasikara, natao ny herinandro teo teny Tanjombato. Nomena lanja manokana nandritra izany ny resaka tontolo iainana, sy ny fiarovana azy tamin'ity andiany iray amin'ny FIM (Foire Internationale de Madagascar) ity. Nahaliana ny nahita ireo mpisehatra sy mpandraharaha amin'ny fikajiana ny tontolo iainana nandray anjara tamin'itony tsenabe itony. Tao anatin'izany ohatra, ry zareo namadika ireo akanjo "jeans" efa niasa ho kitapo, ireo mpanao haingo trano amin'ny alalan'ny taratasy "craft", ireo manaingo kapoaka ho lasa boatin-drakitra mahafatifaty, kifafa vita amin'ny tavoahangy plastika, sns... Ankoatr'izay dia nisy fampirantiana orinasa malagasy sy vahiny maro samihafa nandritra ity hetsika ity, amin'ny taona ho avy indray ny andiany manaraka, hetsika izay niato tao aorian'ny valanaretina covid-19 dia izao nitohy izao indray.


**Aly**


*Vokatra vita Malagasy anisan'ny naranty ny herinandro lasa teo, nandritra ny FIM 2023.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 432**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0431)

**Mitsivalana**
- Voatango
- Nay – Ar
- Tsaraina
- Sira – Nan(a)
- Soga
- Kintana
- Vava (miv) – Ana

**Mitsangana**
- Vitsika
- Sy – IV
- Anarana
- Tara – TV
- Aia – Sa
- Inona
- Ganagan(a)
- Orana

## TENY MIFANAPAKA N° 432




**Mitsivalana**

**1.** Ho hano aho hihinanako anao – Voankazo **2.** Biby maro loko (miv) **3.** Fety sy korana **4.** Solfa – Foto-tsakafo **5.** Niaro **6.** Antananarivo renivohitra – Milaza fananana **7.** Maharitra – Sakafo – Vizana **8.** Mampisafidy – Manondro zavatra maro (miv) – Hita ao amin'ny jiro **9.** Ahafantarana **10.** Tia, iry – Mitambatra

**Mitsangana**

**A.** Iraka **B.** Fiantsoana ny namana **D.** Eny amin'ny habakabaka – Naoty (miv) **E.** Fanontaniana – Heloka **F.** Tampisaka (miv) – Fiandohan'ny resaka **G.** Resy tanteraka – Betsaka (miv) **H.** Fitaovana haingo trano – Valandrano (BR) **I.** Fiantsoana ny tsirairay – Maribola **J.** Mikoriana ao anaty – Malahelo (BL) **K.** Mpanolotra – Voatana

### Valiny Teny mifanaraka 0431

**Mitsivalana**

1. Mananihany **2.** Zanaka (miv) - Min **3.** Tilikambo **4.** Ala - Oh - Ivy **5.** Hamoraina **6.** Ilainy **7.** Nay - Onja **8.** Roa - Nana **9.** As - Zaza - Fa **10.** Ampio - Mey

**Mitsangana**

**A** Mahahotra **B.** Alika (miv) - Osa **D.** Nalamina **E.** Any - (V)ola - ZP **F.** Nakorainay **G.** Izahay - Azo **H.** Inona **I.** Ambinina **J.** Niova - Fe **K.** In - Sakay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, F.R.

**Taorian' ny kongresin'ny Antoko TIM faritra Analanjirofo dia mitohy hatrany ny fidinana ifotony ataon'ny mpitantana ny TIM Vavatenina, tarihan' Andriamatoa Flavien, amin'ny fanentanana ny eny ifotony, araka ny toromarika avy amin'ny TIM foibe, nandritra ny kongresim-paritra, natao tany Fenoarivo Atsinanana.**





**Fiofanana momba ny fahaiza-mitarika sy politika, nataon'ny mpitarika ny KMMR, sy ny Tanora KMMR, tany Toliara II.**





**Ny Jeune TIM Ambohimanarina nanao fanentanana amin'ny fanaraha-maso ny lisi-pifidianana, sy ny fisoratana anarana amin'izany lisitra izany.**







